
# AFOMANGA MIPOAKA
## miloko marevaka




SARY NATAON’I ADAM HOWLING

**Nosoratan’i Heather Sullivan**
(Niainga avy tamina tantara tena nisy)

*Tany Etazonia no nitrangan’ity tantara ity.*

Halan’i Charlotte ny tabataba be! Tsy tiany ny fikotrokotrok’izany tao an-tsofiny na ny fanakoakon’izany tao an-dohany. Na dia fantany aza hoe hieren-doza izy dia mbola mitebiteby foana izy rehefa misy fiara maneno na vahoaka mihorakoraka na amponga midoboka.

Ary tsy tia *maizina* afomanga i Charlotte!

Nanandrana zavatra maro ny fianakaviany mba hampitoniana azy rehefa misy tabataba be. Nividianan’i Dada fanapenantsofina izy mba tsy handrenesana tabataba. Miara-mitampify aminy ao ambanin’ny bodofotsy i Neny rehefa misy kotroka. Nivavaka ihany koa i Charlotte mba hanampiana azy tsy hatahotra.

Nanampy daholo izany rehetra izany. Kanefa mbola nahatonga azy hatahotra hatrany ny tabataba be.

“Hijery afomanga miavaka any an-kianja izahay anio alina,” hoy i Neny mantsy an’i Charlotte. “Sao dia te handeha ianao?”

Nikentrona i Charlotte. “Ka mitabataba be anie ny afomanga e!”

“Mety hahafinaritra kokoa ny mijery afomanga amin’izao ianao efa lehibe izao,” hoy i Neny. “Ho any daholo ireo namanao. Afaka mitondra ilay fanapenantsofina manokana, anao, mihitsy aza isika. Mety ho tianao ve izany raha ny eritreritrao?”

Nisento i Charlotte. “ENY ARY E. Handramako angamba.”

Nanomboka tsara tsy nisy tomika ny afomanga teo an-kianja tamin’izay. Nihazakazaka teny amin’ny bozaka i Charlotte sy ireo namany, nifampizara sakafo maivana ary nanao kilalao. Vetivety teo dia nihamaizina ny lanitra. Nipetraka i Charlotte ary nanaovany ny fanapenantsofiny sady nijery ny lanitra tamin-tahotra izy.

*BOOM! BOOM! Krak!*

Nidoboboka mafy ny fon’i Charlotte ary nihatery ny tao amin’ny tratrany. Niantsambotra izy ary niezaka ny niala ny tabataba niodidina azy.

Nihazakazaka nanenjika an’i Charlotte i Neny ary naka azy teny an-tsandriny. Niverina nipetraka izy ireo ary nofihinin’i Neny mafy izy. Nitomany i Charlotte.

“Miala tsiny aho raha nampatahotra anao iny,” hoy i Neny. “Eto anilanao aho.” Andao hifantoka amin’ireo loko amin’izay tsy henonao be ilay feo. Inona no hitanao amin’ny masonao?”

Nifoka rivotra lalina i Charlotte. “Mahita volombolamena sy mena ary maitso aho.”

“Ampiasao indray izao ny oronao,” hoy i Neny. “Inona no fofona renao?”

“Fofon-tsetroka sy fofon’ny bozaka no reko,” hoy i Charlotte. “Ary poakatsaka!”

“Inona avy koa no retsim-pamantarana azonao ampiasaina izao?”

Nakimpin’i Charlotte ny masony. “Afaka mahatsapa ny afomanga aho. Rehefa mipoaka ny afomanga dia afaka mahatsapa ny fihovitroviny ao an-tratrako aho.”

“Afaka mahatsapa tsiron-javatra ve ianao?” Hoy i Neny nanontany.

Navoakan’i Charlotte ny lelany. “Tsy afaka manandrana ny tsiron’ny afomanga aho.” Nihomehy izy.

Nanaitra ny fahalianan’i Charlotte izany rehetra izany. *Ahoana no hanamboaran’ny olona loko maro samihafa?* Hoy izy nanontany tena. *Nahoana ny afomanga no mipoaka? Ahoana no hanamboarana endrika afomanga samihafa?* Toa lasa tsy nampatahotra firy ny afomanga izao.

“Neny a, mahafinaritra ny afomanga!” Hoy i Charlotte.

Rehefa nampatorian’i Neny i Charlotte tamin’ny alina dia nanontany i Charlotte hoe: “Fa maninona hoy aho ny Ray any An-danitra no tsy mamaly ny vavaka ataoko rehefa mangataka Azy aho mba hanafoana ireo tabataba be?”

Nieritreritra kely i Neny. “Tsy esorin’ny Ray any An--danitra foana ireo zavatra mampatahotra,” hoy izy. “Fa indraindray Izy manampy antsika hahita ny zava--mitranga amin’ny fomba hafa na manome antsika olona hanampy hampionona antsika.”

“Toy ny nanampiany ahy androany alina e!” hoy i Charlotte.

“Marina izany!” Nitsiky i Neny. “Nandeha nijery afomanga ianao na dia natahotra aza. Avy eo dia nanampy anao tsy hatahotra ny Ray any An-danitra. Nanampy anao koa Izy hahita ny hatsaran’ny afomanga tamin’ny alalan’ny fampiasanao ireo retsi-pamantaranao hafa.”

Nieritreritra ireo loko marevaka teny amin’ny lanitra i Charlotte ka nitsiky. Mbola tsy tia tabataba be ihany izy. Mbola nampatahotra azy ireny. Saingy fantany fa afaka hanampy azy tsy hatahotra ny Ray any An-danitra. ●

“Aza matahotra ianao, fa momba anao Aho” (Isaia 41:10).